O ry zareo a ! Tehirizo tsara mihitsy ny horonam-peon-dry tranon-dainga ao amin'ilay fandaharana nalain-tahaka, *"Miara-manonja"*, mikasika ny Praiminisitra Christian Ntsay nolazaina fa marary mafy any La Réunion ka efa misy solony ao ambony ao… Ilaina ireo atsy ho atsy satria tena mba misy fetrany ihany anie ny fandaingana sy ny fanelezana vaovao tsy marina e ! Ny sefon'izany mpandrebireby ny saim-bahoaka izany moa dia tsy iza fa ry Hanitra Razafimanantsoa, Fidèle Razara Pierre ary Vonison Andrianjato Razafindambo (**ATO** ny ho avin'izy ireo).

Raha ny marina anie dia tena mararin'ny… asa ny Praiminisitra Christian Ntsay. Androany Sabotsy 06 Febroary 2021 maraina ary dia nitsidika ny toby lehibe famatsian-drano (*"Station de traitement d'eau"*) eny Anosizato izy. Ny anton'io fitsidihana io dia ny fijerena ifotony ny fandehan'ny asa rehetra momba ny fanamboarana fotodrafitrasa fototra ho amin'ny famatsiana rano madio an'Antananarivo.

[illegible]

[illegible]

ODIS
Treating water for life
JIRAMA
Jiro sy Rano Malagasy

[illegible]